# Ilay Voa Tsara Nafafy 28 Jona 2018

**28** **Alakamisy**
jona

**Ary ny Apostoly niangona teo amin'i Jesosy ka nilaza taminy izay rehetra efa nataony mbamin'izay nampianariny. Ary hoy Jesosy taminy : Avia ianareo hitokana any an-tany foana, ka mialà sasatra kelikely.** Marka 6. 30, 31

**Mialà sasatra kelikely**

Nirahin'i Jesosy ny mpianany hitory ny Tenin'Andriamanitra sy hanasitrana ny marary (Marka 3. 13-15). Faly erỳ izy ireo rehefa niverina. Nahomby ny asa fanompoana nanirahana azy voalohany. Mbola nisy vahoaka maro tokony hokarakaraina teo, nefa dia nantsoin'i Jesosy ny mpianany mba hamela ny zavatra rehetra ka hanaraka azy hankany an-taniefitra. Mety tsy nahatakatra ny baikon'ny Mpampianany ireo lehilahy ireo, kanefa nankatò ihany.

Hahagaga antsika angamba ny fangatahan'i Jesosy, nefa mampianatra antsika tsy hanaiky ho tototra zavatra atao marobe, na dia asa ho an'ny Tompo aza. „Tsy ela dia ho tapaka ny tsipìka raha henjanin-tady lalandava", hoy i Jean Chrysostome.

„Avia ianareo hitokana", hoy Jesosy tamin'ireo mpianany. Ny antso mba haha mpianatr'i Jesosy, voalohany indrindra, dia fitaomana hiombona aminy, hikatsaka izay mahafaly Azy, eo amin'ny fanatrehany. Mora tokoa mantsy ny mamela ny asa fanompoana kristiana hanafoana ireny fotoana ifanakaikezana amin'ny Tompo ireny ! Tsy afaka hiasa ho Azy isika, raha tsy „ao aminy", alohan'ny zavatra rehetra.

„Mialà sasatra kelikely". Nisy kristiana nanoratra hoe : „Fiaina kristiana ara-dalàna io. Ny fiaina kristiana mantsy dia fivezivezena tsy mitsahatra avy eo amin'ny fanatrehan'Adriamanitra mankeo amin'ny fanatrehan'ny olona. Ny fiaina kristiana dia mampifandimby ny fihaonana amin'Andriamanitra any amin'ny toera-miafina sy ny fanompoana ataon'ny olona eo an-kianjan'ny tanàna", kanefa eo ambany mason'Anitra mandrakariva.